FAMPITAM-BAOVAO

116/2026

FILAN-KEVITRY NY MINISITRA MANOKANA
Didim-panjakana Mikasika ny Hamehana ara-angovo

Nisy ny Filan-kevitry ny Minisitra manokana notanterahina androany talata 07 aprily 2026, ka nandraisana ny fanapahan-kevitra ho amin'ny hamehana momba ny angovo **(État d'Urgence Énergétique)** manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara mandritra ny 15 andro, araka ny andininy faha-61 ao amin'ny Lalàmpanorenana, sy ny lalàna n° 91-011 tamin'ny 18 jolay 1991 mifehy ny toe-draharaha manokana .

Izao fanapahan-kevitra izao dia noraisina taorian'ny fahatsapana fa miaina anaty krizy lalina vokatry ny tsy fahatomombanana eo amin'ny famatsiana angovo manerana ny Nosy isika amin'izao fotoana izao, noho ny ady any Moyen-Orient, izay miteraka fikorontanana eo amin'ny fitohizana amin'ny tokony ho izy amin'ny tolotra eo amin'ny asan'ny sampan-draharaham-panjakana manan-danja manokana sy eo amin'ny fizotry ny toekarem-pirenena ka misy fiantraikany amin'ny fiainana andavanandron'ny Vahoaka Malagasy.

Ny fanambarana ny hamehana momba ny angovo dia hahafahan'ny tomponandraikitra mandray fepetra manokana sy haingana mba hamerenana amin'ny laoniny ny famatsiana angovo sy hiantohana ny fitohizan'ny asam-panjakana.

Izany krizy izany dia mitarika fikorontanana eo amin'ny filaminam-bahoaka amin'ny ankapobeny, ny fandriampahalemana, ny fitonian'ny Andrimpanjakana.

Manoloana izany, ny fidirana amin'ny hamehana momba ny angovo no mamaly ny filàna ho an'ny fahefam-panjakana hahafahana mamoaka avy hatrany ny hoenti-manana manokana hiatrehana izany olana ara-pamatsiana angovo izany mba hitohizan'ny asam-panjakana ao anatin'ny Fanavaozana ny Repoblika.

Tsara ny manamarika fa efa nahazoana ny fankatoavan'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena sy ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ity didim-panjakana mikasika ny hamehana momba ny angovo ity.

Antananarivo, faha 07 aprily 2026

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika